Herin'andro natokana ho an'ny VOI sy famindram-pitantanana ny harena voahanahary azo havaozina (TGRNR)

Ny famindram-pitantanana dia politikam-panjakana mba hampandraisana andraikitra mivantana ireo vondron'olona eny ifotony (VOI) amin'ny fitantanana ireo harena voajanahary. Miisa ***1 563*** **ireo VOI** nanaova izany famindram-pitantanana izany ankehitriny izay mitantana velaran-tany ***3 388 534 Ha.***

Ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Lovainjafy tamin'ny alàlan'ny Fitaleavana misahana ny faritra arovana, ny hareva voajanahary azo havaozina ary ny rohivoahary na DAPRNE dia nanokana herinandro ho an'ireo VOI, nanomboka ny ***07 hatramin'ny 13 Oktobra 2024 lasa teo mba ho fanentanana sy ho fampahafantarana ny ato-pisian'ireo VOI ary indrindra hampaherezana*** azy ireo amin'ny ***andraikitra sarobidy*** izay nankinina taminy sy iadidian'izy ireo.

Fisehoan'ny hetsika :

- Hetsika notanterahana manerana ny Nosy : DREDD Amoron'ny Mania, DREDD Itasy Bongolava, DREDD Analanjirofo, DREDD Ihorombe, DREDD Sofia, DREDD Anosy, DREDD Vakinankaratra, DREDD Diana, DREDD Boeny Betsiboka, DREDD Antsinanana , DREDD Atsimo Atsinanana, DREDD Melaky, DREDD Haute Matsiatra;
- Misy ireo DREDD mbola eo andam-pikarakara ;
- Notohanan'ireo mpitantsoroka sy ireo mpiantsehatra maro ary ireo VOI ;

Endriky ny fanentanana :

- Fanentanana tamin'ny alalan'ny onjam-peo eny an-toerana (radio locale)
- Fandefasana ny tantara « Soa ihany » tamin'ny onja-peo tany an-toerana (tamin'ny dikan-tenim-paritra nisy azy avy)
- Fanentanana sy fifanakalozana mivantana teny ifotony niraka tamin'ny VOI.

Nandritra ity hetsika ity dia tsapa fa velom-bolo indray ireo mpiantsehatra sy tompon'andraikitra isan'ambaratongany amin'ny fanamafisana ny maha zava-dehibe ny famindram-pitantanana ireo Harena Voajanahary Azo Havaozina amin'ny Vondron'Olona Ifotony. Voamarika ihany koa ny risi-pon'ireo voakasika rehetra ka hanamafy sy hanohy hatrany ireo ezaka efa natao hatramizay.

Tanjona ho an'ny Ministeran'ny Tontolo Iainana sy ny Fandrosoana Lovainjafy ny mba hanaovana izao hetsika toy izao ho anisan'ny asa fanao isan-taona.